ALAHADY FAHA 26 MANDAVANTAONA -A- 2026



NY TOKY FITAKA, FA NY ATAO NO HITA

Ry Kristianina havana, miditra amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fiarahan-dia amin’ny Sinaody faha-7 iombonantsika satria izao herinandro misokatra izao no mitondra antsika amin’ny fanatanterahana azy. Tsy misy koa ny kisendrasendra amin’Andriamanitra hoy isika matetika satria miara-dalana amintsika tokoa Izy. Eo anivontsika tokoa izy. Tsy inona tokoa fa amin'izao Alahady faha-26 mandavantaona, Alahady mamarana ny volana septambra izao dia asain'ny Eglizy isika hibanjina manokana ny anjara toeran'ny lahika eo anivon'ny fiainana andavanandro, Alahady antsoina hoe andron'ny lahika. Marina fa andron'ny lahika ny andro rehetra fa tian'ny eglizy asongadina handalinana sy handinihana ny anjara toerany androany izany hoe ny maha-Apostoly ny lahika eo anivon'izao tontolo izao. Ny lahika dia ireo miaina eo anivon'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fiainany no anambarany ny Vaovao mahafaly ka hitondrany ny toe-panahy maha Kristianina araka ny vavakantsika momba ny fiantsoan'Andriamanitra. Tsara averintsika sy ampahatsiahivana amintsika : “Omeo apostoly lahika vonon-kamonjy ny namana izahay mba hampamirapiratra ny toe-panahy kristianina eran’ny tany rehetra, amin’ny fitiavam-bavaka, amin’ny fitiava-namana, amin’ny fandeferana omban-kerim-panahy, amin’ny asa sahanina, hampibaribary ny toe-tsainao Kristy mamelona azy”.

Vakiteny I : Ezek. 18, 25-28
Tononkira : Salamo 24
Vakiteny II : Fil. 2, 1-11
Evanjely : Mt. 21, 28-32

Mivavaka isika androany mba hiveloman'ny lahika lehilahy sy vehivavy rehetra sy hiainany ny toe-panahy maha lahika izany ary ao anatin'ny tolagna telo izany andraikitra izany, izany hoe miaraka ny lahika ny pretra ary ny relijiozy. Amin’ny alalan’ny fizakana an’izao tontolo izao no manamasim-piainana izy ireo. Manana modely sy mpivavaka isika dia Victoire Rasoamanarivo

sy Lucien Botovasoa. Enga anie hanampy sy hivavaka ho antsika izy ireo amin’izao Sinaody ataontsika izay entintsika handalinana manokana ny fomba rehetra hahatonga antsika handray an-tanana tahaka azy ireo izao. Haintsika ny tantaram-piainan’izy ireo. Aoka ho tsaroantsika ihany koa fa ity volana septambra izay hifarana ity no volana natokana hivavahana ho an’ny fiovan’ny toetr’andro sy ny firotsahana bebe kokoa amin’ny fiarovana sy ny fanorenana ny Tranobe Iombonana. Amin’ny 4 Oktobra fetin’i Md François d’Assise no hamaranantsika io iray volana io fa ny fiainana kosa mitohy indrindra fa ny vokatry ny Sinaody izao. Izany rehetra izany dia manambara amintsika fa sitrak’Andriamanitra tokoa izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao ary araka ny fantatsika iombonantsika amin’ny Eglizy Erantany dia mizotra tahaka isika koa ny dingana maro samihafa ny Sinaody Iombonana. Misy solontenantsika vao niatrika izany tany Antananarivo. Mino isika fa misy tatitra ataon’izy ireo ary ny mahavariana hoy izy ireo dia mitovy na dia tsy sahala aza ny fiarahan-dia.

Maninona tokoa isika manao Sinaody? Matoa miainga avy any amin’ny fototra ny dingana rehetra dia hitondra antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona hitondra ny hafalian'ny Vaovao mahafaly sy hizara ny Vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona ka ho vavolombelona manambara ny marina, mizara ny fifankatiavana, hampanjaka ny fihavanana marina sady kristianina no malagasy ka hahatonga ny fiaraha-monintsika hitoeran'ny fiadanana ka ho lavitra antsika ireny hetraketraka sy fanapotehana ireny fa ho taranaka mamokatra voa tsara isika ary ho taranaka manorina Eglizy velona. Izany hoe hivelona ny teny fanevan’ny Sinaody : EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA…. Ny tanjona dia ny haha-vavolombelona eo anivon'ny fiaraha-monina tokoa. Araka ny fantatsika dia izao herinandro idirantsika amin’izao dia hahatsiarovantsika an’i Mb Terezy Mpiaron’ny Misiona. Handrotsaka ny Oran-draozim-pahasoavana amintsika anie izy ka ho misionera tokoa isika jiaby. Herinandro anaovantsika ny Sinaody no hanombohantsika ny volana oktobra, volana ankalazantsika ny volan'i Masina Maria hajaina amin’ny Raozery Masina. Hiaraka amin'i Masina Maria isika hibanjina ny tantaram-pamonjena antsika amin'ny fanaovana ny raozery izay nampianaran'i Md Papa Joany Paoly faharoa hanampy antsika handalina ny famonjena antsika manomboka amin'ny misterin'ny fahatongana ho nofo sy ny fanavotana, ny famirapiratana ary ny mistery be voninahitra izay antenaintsika koa hitoerantsika rehefa avy mamakivaky an'ity fiainana fandalovana ity isika ka hiaraka amin'i Masina Maria sy ireo olomasina. Volana lehibe ho antsika ity oktobra ity izay volan'ny misiona rahateo sy volana handinihantsika ny maha-misionera sy maha-iraka antsika ka mifanaraka tsara amin'izao Sinaody ataontsika izao satria tsy mikombona isika fa mandalina mba hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona, ho Tabernakla Velona. Ny teny hoe Kristianina dia avy amin'i Kristy..

Raha tamin'ny Alahady lasa isika nandinika ny hoe tsy mahazo mipetrapetraka isika fa tsy maintsy miasa dia mbola izany no antintranterin'i Jesoa amin'ny fanoharana ataony androany ao amin'ny Evanjely izay vakintsika amin'izao Alahady faha-26 mandavantaona izao. Tsy ampy ny manome toky fotsiny hoe handeha hiasa fa tsy maintsy manantanteraka an'izany asa izany

isika ary raha miara-miasa amin'Andriamanitra isika dia Andriamanitra tokoa hanao ny asantsika. Araka ny voalazantsika tsy afaka miady varotra amin’Andriamanitra isika. Rehefa “eny” dia “eny”, rehefa “tsia” dia “tsia”.

Amin'ny Evanjely androany dia manao fanoharana i Jesoa : misy lehilahy anankiray manan-janaka roa lahy ka ny iray lahimatoa, ny anankiray faralahy. Ny zanaka lahimatoa nilaza fa tsy handeha aho kanefa rehefa avy eo nandinika izy dia nandeha ka nahatanteraka ny sitraky ny Ray, ilay faralahy nilaza handeha aho Tompo noho ny hafanam-po kanefa tsy nandeha izy fa naro ny zavatra nahasarika azy.

Azo lazaina fa famintinana ny fiainantsika io voalaza amin'ny Evanjely androany io. Amin'izao mandavantaona izao dia mandinika ny toetran'i Kristy isaky ny Alahady isika mba hivelomantsika ny maha-Kristy mpiara-belona antsika amin'ireo manodidina antsika. Ka amin'izao Alahady faha-26 mandavantaona izao dia hitantsika ny toetra anankiray izay tsy mifanaraka amin'ny toetran'i Kristy, mora ny manaiky am-bava fa tsy manatanteraka fa mangataka andro lava isika, mangataka fotoana lava isika, voasariky ny rendrarendra isika, voasariky ny fakam-panahy isika fa indrindra isika tanora. Varimbariana isika amin’izao krizy izao. Hanomboka izao ny taom-pikatrohana izay fantatsika fa mampiditra antsika amin’ny fankalazana maro hanehoantsika fa EOV tokoa isika anisan’izany, ny Jobilin’ny faha-125 taona ny Eglizy Tranon’Andriamanitra mbola mijoro dia ny Eglizin’i Masina Misely Arkanjely eo Joffre Ville sady amin’io koa ny hanolorana ho antsika jiaby ny Directoir Pastoral vokatr’izao Sinaody izao ka harahintsika jiaby sy tsiraikiray mba ho EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA...

Andeha ho jerentsika àry ny Tenin’Andriamanitra atolotry ny Eglizy amin’izao Alahady faha XXVI izao. Mba ho “eny” dia ho “eny” ny tenintsika ary ho “tsia” dia ho “tsia” dia mila mibebaka tokoa isika satria tsy miafina amintsika fa mora mivadibadika isika. Io no hafatry ny Mpaminany Ezekiela amin’ny vakiteny voalohany. Araka ny fantatsika ny Mpaminany dia tsy iza fa mitondra ny hafatr’Andriamanitra. Hoy indrindra ny hafany : : “Raha miala amin’ny fahamarinany ny marina, ka manao ny tsy marina ary maty amin’izany, dia noho ny tsy marina nataony no ahafatesany. Fa raha miala amin’ny haratsiana nataony kosa ny ratsy fanahy ka manaraka ny hitsiny sy ny rariny amin’ny ataony, dia hamelona ny fanahiny izy. Raha sokafany ny masony, ka miala amin’ny hadisoany rehetra nataony izy, dia ho velona tokoa izy fa tsy ho faty”. Antso avo amin’ny fibebahana izany. Aoka isika mba hanararaotra izao fotoana izao araky ny hafatry Ezekiela mpaminany amin'ny vakiteny voalohany, aoka isika hibebaka, ho hararaotintsika ny fandalinantsika ny finoana amin'izao volan'ny raozery sy volan'ny misiona izao. Maniraka antsika Andriamanitra tsy hanao ENY am-bava fotsiny fa mba hanao ENY tahaka an'i Masina Maria : "Aoka ho tanteraka amiko araky ny teninao". Enga anie mba hiasa eo anivon'ny fiainantsika andavanandro ny Eny ataontsika. Azontsika onogna tsara ny antony anaovantsika

izao Sinaody izao mba hanamafy orina ny finoantsika ka tsy hivadibadika isika fa tena ho EOV tokoa.

Mba tsy hijanona resaka fotsiny dia mila miasa tahaka ny nataon'i Masina Maria manasoa ny hafa, manasoa ny mpiara-belona, mikolokolo ny tontolo isika. Aoka isika hamboly fifandraisana tsara fa indrindra amin'izao volan'ny raozery izao ka hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'olona izao fidirantsika sy fikatrohantsika amin'ny taona pastoraly izao, mikatroka isika raha mamboly fifandraisana tsara amin'Andriamanitra, amin'ny mpiara-belona amintsika sy amin'ny tontolo iainantsika.

Izany no ampianarin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, izay mamintina tokoa ny tena anton-dian'i Kristy ilay mistery hodinihantsika mandritra ny volan'ny raozery izao, manana ny toetra maha Andriamanitra azy I Kristy nefa nataony tsinontsinona izany satria ny tadiavin'i Kristy dia ny hampiombona antsika, niasa izy nanolotra ny ainy nahafoy ny ainy mba hampiombona antsika. Izany koa no andrasany amintsika. Mila fahafoizana izany ary matetika voan'ny fakam-panahy isika satria manjaka loatra ny fitiavan-tena, ny fanilikilihana eo amintsika. Mila fibebahana isika ka aoka hibanjina an'i Kristy isika, io ilay voalazan'i Md Paoly : raha tiantsika tokoa ny hanana ny fifandraisana marina, aoka haka tahaka an'i Kristy isika. " *raha mba manana fampirisihana ao amin'i Kristy koa ianareo, na manana fanalana alahelo amin'ny fitiavana ihany, raha misy firaisam-po amam-panahy koa amintsika, ka mba misy fitserana amam-pangorahana ahy ihany aminareo, dia fenoy tanteraka ny hafaliako amin'ny firaisanareo saina, ka hiray fitiavana, hiray fo, hiray hevitra, tsy hanao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana na filan-dera foana, fa samy hanetry tena sy hanao ny namany ho ambony noho ny tenany avy, samy tsy hihevitra ny azy ihany, fa ny an'ny namany koa. Manàna ny saina amam-po hita tao amin'i Kristy Jesoa,"*

Izany no làlana hahafahantsika mampiova ny fifandraisantsika na ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, na fifandraisantsika samy isika na fifandraisana amin'Andriamanitra. Tanteraka izany raha manao ny asan'Andriamanitra isika, izany hoe mivelona ny marina, mampanjaka ny fihavanana sady krisitiana no malagasy. Raha mirindra ny fifandraisantsika rehetra dia izany no azo lazaina fa asan'Andriamanitra, tsy ho tanteraka izany raha tsy ao anatin'ny fanetren-tena izay ampianarin'i Kristy antsika. Hoy Md Paoly : " *manana ny toetra sy ny fomban'Andriamanitra tokoa i Kristy nefa tsy nihevitra izany fa hoe zavatra ambony fa nialany izany tamin'ny fakany ny toetra maha mpanompo sy nilatsa-tena ho ambany izy*"

Izany no làlana mampirindra tokoa ny fifandraisantsika hahafahantsika manorina fiaraha-monina vaovao izay lazaintsika hoe taranaka mampijoro taranaka mpanorina fa tsy mandrava, ka ho taranaka mamokatra voatsara.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao tokoa manambara aminay amin'ny alalan'ny fanoharana fa matetika izahay manaiky kanefa tsy manao, ampio àry izahay hibebaka tokoa araky ny fampianaran'i Ezekiela mpaminany, ampio izahay haka tahaka Anao mba hanana fanetren-tena, amin'izay

hiova tokoa ny fifandraisanay amin'Andriamanitra Ray, hiova ny fifandraisanay amin'ireo manodidina anay, hiova ny fifandraisanay amin'ny tontolo iainanay ka hiezaka izahay tokoa hanamboatra sy hanatsara an'izay tontolom-piainanay izao.

Ampio izahay ry Masina Maria reninay o, hiaraka Aminao tokoa izahay amin'izao volana oktobra izao hibanjinanay miaraka Aminao ny misterin'ny famonjena, mivavaha ho anay, mivavaha ho an'ny diosezy maminao ity amin’izy miatrika izao Sinaody izao, mivavaha ho an'ny fianakaviana tsirairay, mivavaha ho an'ny tanindrazanay izay mandalo fotoan-tsarotra tokoa izay Ianao no mpiaro azy. Ankininay aminao ny fikaonan-doham-pirenana mba ho ivon-toerana mampiombona anay ka hikatsahanay ny soa iombonana entinay hampandroso an’ity Madagasikara maminay ity. Enga anie ny “eny” ataonay mba hanahaka ny “eny” nataonao. Ampio izahay amin’izao famaranana ny volana nivavahana ho an’ny tontolo iainana izao mba hibebaka tokoa ka hiezaka hanaja sy hikolokolo ny zava-boaary entina miady amin’ny fiovan’ny toetr’andro. Md Josefa, tantano izahay amin’ny asa ataonay mba ho asan’Andriamanitra . Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson